**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Fitiavana - Tanindrazana – Fandrosoana*
------------------------------

**REGION ANALAMANGA**
**DISTRICT ANTANANARIVO ATSIMONDRANO**
**COMMUNE RURALE AMBALAVAO**
--------------------------------

*Mieux connaitre et faire connaitre le territoire communal :*

---

# MONOGRAPHIE COMMUNALE
# AMBALAVAO

---






*Outil de concertation et de négociation*
*(Version malagasy)*

**Décembre 2016**

# FIZARANA TAKELAKA

SIGLES ET ABREVIATIONS
TENY FISAORANA
TENY FAMPIDIRINA
TAOTSARINTANY FAMANTARANA NY KAOMINA AMBANIVOHITRA AMBALAVAO

Fizarana I: **FAMARITANA ARA-BOAJANAHARY SY ARA-PANJAKANA** ........ 7
**1. FAMARITANA ARA-PANJAKANA** ........ 7
1.1. Famaritana ankapobeany ny Kaomina ........ 7
1.2. Administration communale ........ 7
1.3. Sampandrahara ara-teknika miara-miasa amin'ny Kaomina ........ 8
**2. TOETRA ARA-BOAJANAHARY** ........ 8
2.1. Toetr'andro ........ 8
2.2. Fisokajiana ireo nofon-tany ........ 9
2.3. Loza voajanahary efa nitranga ........ 9
2.4. Harena voajanahary ........ 10
Fizarana II: **TANTARA SY FIARAHA-MONINA** ........ 11
**1. TANTARA NY KAOMINA** ........ 11
**2. MPONINA** ........ 11
**3. FIARAHA-MONINA** ........ 13
Fizarana III: **SEHA-PAMOKARANA** ........ 15
**1. ANGOVO FAMPIASA** ........ 15
**2. FAMBOLENA** ........ 15
2.1. Famokarana ........ 15
2.2. Fampiasana ny tany ........ 16
2.3. Karazana fitaovam-pamokarana ........ 16
2.4. Olana eo amin'ny fambolena ........ 16
**3. FIOMPIANA SY JONO** ........ 16
3.1. Olana eo amin'ny fiompiana ........ 16
3.2. Olana eo amin'ny jono ........ 17
**4. FITRANDRAHANA ALA** ........ 17
4.1. Tombony ........ 17
4.2. Olana ........ 17
**5. FANODINAM-BOKATRA** ........ 17
**6. SEHATR'ASA-TANANA** ........ 18
**7. SEHA-PITATERANA** ........ 18
7.1. Tombony ........ 18
7.2. Olana ........ 19
7.3. Fitanterana ........ 19
**8. VAROTRA** ........ 20
8.1. Tombony ........ 20
8.2. Olana ........ 20
**9. FIZAHAN-TANY** ........ 20

9.1. Tombony ..... 20
9.2. Olana ..... 21
Fizarana IV: **SEHATRA ARA-TSOSIALY** ..... 22
**1. FANABEHAZANA** ..... 22
1.1. Ambaratonga fototra ..... 22
1.2. Ambaratonga voalohany sy faharoa ..... 23
1.3. Olana ..... 23
**2. FAHASALAMANA** ..... 24
2.1. Tombony ..... 24
2.2. Olana ara-pahasalamana ..... 25
Fizarana V: **LOHARANOM-BOLA** ..... 27
1. FIVOARAN'NY TOE-BOLA KAOMINALY: Vola miditra sy Vola mivoaka ..... 27
2. KARAZAN-KETRA SY HABA TAKIAN'NY KAOMINA ..... 28
Fizarana VI**: OLANA SY OTRIKERY NY KAOMINA** ..... 30
Fizarana VII: **ZOTRAM-PIHARIANA MISONGADINA AO AN-TOERANA** ..... 31
Fizarana VIII: **VINA NY KAOMINA AMBALAVAO** ..... 32
**FEHINY** ..... 26

# SIGLES ET ABREVIATIONS

| | |
|---|---|
| B C G | Bilié de Calmette et Guérin |
| CA | Chiffre d'Affaire |
| CEG | Collège d'Enseignement Général |
| CIRAGRI | Circonscription Agriculture |
| CR | Commune Rurale |
| CREC | Comité de reflexion économique de la commune |
| CSB II | Centre de Santé de Base niveau II |
| EPP | Ecole Primaire Publique |
| FJKM | Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagascar |
| PPN | Produit de Premierères Nécessités |
| RIP | Route d'Intérêt Provincial |
| RN | Route Nationale |
| SAHA | Sahan'Asa Hampandrosoana ny Ambanivohitra |
| STD | Service Technique Décentralisé |
| ZAP | Zone d'Apprentissage Pédagogique |
| CLTTS | |
| FTTF | Fanadiovana Tanteraka Tarihin'ny Fokonolona |

# TENY FISAORANA

Manolotra fisaorana feno ny Ben'ny Tananan'Ambalavao, Andriamatoa RAZANAMAHEFA Njatonirina sy ireo mpanolon-tsaina rehetra, ireo Ben'ny Tanana Lefitra ary ireo tompon'andraikitra isan'ambaratongany sy mpiara-miasa amin'ny Kaomina Ambalavao, tamin'ny fifampitokisana sy ny fifanampiana tamin'ny fanatotonsana ny fanavoazana ny Monographie ny kaominan'Ambalavao.

Isaorana koa ny Fandaharan'asa SAHA Imerina tamin'ny fanohanana rehetra tanin'ny taona 2010 mba ho fanantanterahana izany asa sy fandrafetana ny boky izany.

Ary tsy adino koa ny misaotra ireo Service Teknika rehetra miara-miasa amin'ny Kaomina Ambalavao nanampy tokoa tamin'ny fanangonana ireo hevitra sy antontan'isa, araka izay fotoana ilana azy .

# TENY FAMPIDIRINA

Ny Kaomina Ambanivohitra AMBALAVAO dia manana ny Drafitra Fampandrosoana ny Kaomina na ny “Plan Communal de Développement”, izay norafetina tamin’ny taona 2003. Ankehitriny dia maro ny fioavana sy fandrosoana izay hita taratra teo anivon’ny Kaomina tao anatin’ny fito taona. Izany indrindra no mahatonga ny SAHA-Imerina hifanome tànana aminy amin’ny fanavaozana ireo tranga sy anton’isa eo an-toerana. Ka nisongadina amin’izany ny firoboroboan’ny asan-tanana sy fanatsarana ireo fotodrafitr’asa.

Ity boky ity dia mirakitra ireo fanavaozana sy fihovana izay hita tao amin’ny Kaomina nanomboka ny taona 2004 ka hatramin’izao 2016 izao, izay mahakasika indindra ny (i) famaritana ara-pankajana sy ara-boajanahary, (ii) ny mponina sy ny fiaraha-monina, (iii) ireo rafitra ara-tsoasaly izay misy ao an-toerana, (iv) ny zava-misy ara-toe-karena, (v) ny loharanom-bola, (vi) ireo olana sy otrikery, (viii) ny zotram-pihariana manan-danja ary (ix) ny vinan’ny kaomina.

Farany, ity Monographie ity dia fitaovana lehibe entina handresen-dahatra sy hiarahana miasa amin’ireo mpiray ombon’antoka amin’ny fampandrosoana sy ny mpamatsy vola isan-tsokajiny noho izy mirakitra ny momba ny kaomina amin’ny ankapobeny, izay azo hitarafana ny fiovana, ny fivoarana amin’ny sehatra isan-karazany ary ny ho avin’ny kaomina ihany koa.

TAOTSARINTANY FAMANTARANA NY KAOMINA AMBANIVOHITRA AMBALAVAO

Loharano: CR Ambalavao

## Fizarana I: FAMARITANA ARA-BOAJANAHARY SY ARA-PANJAKANA

### 1. FAMARITANA ARA-PANJAKANA

Ny kaomina ambanivohitra Ambalavao dia ao anatin'ny Faritra Analamanga, Distrikan'Antananarivo Atsimondrano, ary voafaritra toy izao:

- any Avaratra, ny Kaomina Ambanivohitra Tsiafahy
- any Atsimo, ny Kaomina Ambanivohitra Behenjy
- any Andrefana, ny Kaomina Ambanivohitra Ambohijoky
- any Atsinanana, ny Kaomina Ambanivohitra Ambatofahavalo sy Andramasina

#### 1.1. *Famaritana ankapobeany ny Kaomina*

Ny Kaomina Ambalavao dia eo amin'ny **26 km** miala an'Antananarivo Renivohitra, izay arabe afaka hifamezivezena tsara mandava taona (RN7).

Ny velaran-taniny dia **44, 8 km²**

Manana Fokontany miisa **15** ny kaomina ka ireto avy ny mombamomba izany:

| N° | FOKONTANY | FAMARITANA | ELANELANA AMIN'NY TAMPON-TANANA (Km) | TOE - DALANA | FE-POTOANA |
|---|---|---|---|---|---|
| 01 | AMBALAVAO | Tampon-tanana | - | - | - |
| 02 | AMBOHIBARIKELY | Atsinanana | 3 | Tsara | Mandava-taona |
| 03 | AMBOHIBARY | Atsinanana | 3,5 | Ratsy | May - Oktobra |
| 04 | AMBOHIDAHY | Andrefana | 3 | Tsara | Novambra-Aprily |
| 05 | AMBOHIDAVENONA | Atsinanana | 1 | Tsara | Mandava-taona |
| 06 | AMBOHIMAMORY | Avaratra | 4,5 | Tsara | Mandava-taona |
| 07 | AMBOTSILAIZINA | Atsinanana | 6,5 | Tsara | Mandava-taona |
| 08 | AMBONIANDREFANA | Atsimo | 1,5 | Tsaratsara | Mandava-taona |
| 09 | AMPANGABE | Atsimo | 3 | Tsara | Mandava-taona |
| 10 | ANOSIBE | Avaratra | 2 | Tsara | Mandava-taona |
| 11 | ANTAMBOHO | Atsimo | 2 | Ratsy | May - Desambra |
| 12 | LOHAMANDRY | Atsinanana | 5 | Ratsy | May - Desambra |
| 13 | MANANKASINA | Avaratra | 1 | Tsara | Mandava-taona |
| 14 | MORATSIAZO | Avaratra | 3 | Ratsiratsy | Desambra-Aprily |
| 15 | ZAFIMBAZAHAKELY | Andrefana | 4 | Tsara | May - Desambra |

Loharano: CR Ambalavao

#### 1.2. *Administration communale*

*Mpanolontsaina kaominaly (07)*

Ny mpanolotsaina kaominaly dia misa ho fito (07) toy izao: Filoha (1), Filoha lefitra (2), ireo mpikambana (3), ary rapporteur (1).

*Birao mpanatanteraka (07)*

Ireto avy ireo ao amin'ny birao mpanatanteraka: ny Ben'ny Tanana (1) miaraka amin'ny Ben'ny Tanana lefitra (2)

Administration sy raharaha ankapobeany: Raharaha ankapobeny (3), Raharaha ara-bola (1) ary Secrétaire Etat-Civil (1), Agent technique (1)

*Délégué d'arrondissement (1)*

### 1.3. ***Sampandrahara ara-teknika miara-miasa amin'ny Kaomina***

| SEHATRA | TOMPON'ANDRAIKITRA | ISA |
|---|---|---|
| FAMPIANARANA | Sefo ZAP | 1 |
| FAHASALAMANA | Mpitsabo ny CSB II Ambalavao | 3 |
| FANDRIAM-PAHALEMANA | Chef Poste avancée (Ambatofotsy)<br>Quartier mobile | 1<br>75 |
| FAMBOLENA | Teknisianina CIRAGRI | 1 |
| FIOMPIANA | Vétérinaire | 1 |
| PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA | Receveur | 0 |
| RANO & ALA | Agent des Eaux&Forêts | 1 |

## 2. TOETRA ARA-BOAJANAHARY


### *2.1. Toetr'andro*

Ny toetr'andron'ny kaomina Ambalavao izay iraisany amin'ny faritra Atsimondrano iny dia mifangaro ao ny mangatsiaka, ny mafana ary ny avy orana.
Ny salan'isa ny maripana dia **18°** eo. Ka mety hilatsaka hatrany amin'ny 6° ary 32° ny mafana indrindra.
Ny volana desembra ka hatramin'ny aprily no **fotoam-pahavaratra**, ka mahatratra hatramin'ny 98,9mm isan-taona ny rotsa-korana (pluviometrie moyenne). Ny volana may ka hatramin'ny jolay no **ririna** ary ny volana aogositra ka hatramin'ny novambra ny **lohataona**.

*Variation pluviometrique (mm)*

| ANNEE | | JAN | FEB | MAR | APR | MAY | JIONA | JIOL | AOG | SEPT | OKT | NOV | DES |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **2012** | Orana | 222,6 | 69 | 197,9 | 44,4 | 6,6 | 5,1 | 2,5 | 4,4 | 4,7 | 47 | 112,3 | 203,4 |
| | Andro | 13 | 14 | 11 | 7 | 6 | 2 | 3 | 3 | 2 | 6 | 10 | 12 |
| **2013** | Orana | 441,6 | 397,8 | 75,5 | 55,9 | 41,6 | 4,8 | 8,6 | 0,2 | 5,6 | 86 | 111,8 | 270,7 |
| | Andro | 29 | 21 | 12 | 8 | 4 | 2 | 4 | 1 | 3 | 6 | 8 | 12 |
| **2014** | Orana | 192 | 337,6 | 52,7 | 98,6 | 19,1 | 6,8 | 5,5 | 0,2 | 51,3 | 28 | 256 | 92,8 |
| | Andro | 14 | 12 | 11 | 5 | 3 | 7 | 20 | 1 | 6 | 7 | 18 | 7 |
| **2015** | Orana | 258,3 | 212 | 148,3 | 102,9 | | | | | | | | |
| | Andro | 23 | 13 | 20 | 11 | | | | | | | | |


Loharano: Direction Générale de la Météorologie – Desambra 2016




Loharano : Direction Générale de la Météorologie – Desambra 2016

### 2.2. ***Fisokajiana ireo nofon-tany***

Ny karazana nofon-tany izay hita any an-toerana dia maro karazana : tany **aboka**, tany **dilatra**, **tanimena**, **baiboho**, tany **lonaka** ary **fasehana** izay afaka tarafina amin'ito transect de terroir natao teo amin'ny fokontany Ambalavao mahazo an'ny Manakasina ity.




### 2.3. ***Loza voajanahary efa nitranga***

Ireo loza voajanahary nisongadina tao anatin'ny dimy ambinifolo taona lasa izay dia:

| TAONA | LOZA VOAJANAHARY | FIANTRAIKANY |
|---|---|---|
| **1996** | Rivo-doza Geralda | Tondra-drano naharitra 4 andro<br>37% ny fiompiana no rava<br>30 isa ireo tokatrano tra-boina fa tsy nisy aina nafohy |
| **2000** | Areti-mifindra kolera | 45% mponina voaharo nahazo fanafody Doxicicline |
| **2003** | PPA Peste porcine africaine | 75% ny fiompiana kisoa no ringana ny aretina mifindra |
| **2003** | Valala | 65% ny fiompiana kisoa no ringana nihinana ireo fatim-balala |

| TAONA | LOZA VOAJANAHARY | FIANTRAIKANY |
|---|---|---|
| | | Nahazo vahana koa ny tazomoka indrindra ny zaza |
| 2007 | Tondra-drano | Tanimbary 20 Ha voatototra ny rano tao amin'ny fokontany Lohamandry, Ambotsilaizina, Ambohibary<br>5 no tokatrano tra-boina fa tsy nisy aina nafohy<br>Tsy fahampian-tsakafo noho ny faharavan'ny voly |
| 2007 | Dintan'omby (Fasciolose hepato-biliaire) | 270 omby maty (37% ireo fiompiana omby manerana ny kaomina) |
| 2008 | Oran'avandra | 28Ha voly vary rava tao amin'ny fokontany Ambotsilaizina, Lohamandry , Amboniandrefana<br>Nandringana fiompiana<br>Tsy nisy aina nafohy<br>Tsy fahampian-tsakafo |
| 2010 | Hain-tany | 68% voly ketsa maty tsy ampy rano |
| 2013 | Valala | 10%  fambolem-bary no simban'ny valala |

### 2.4. *Harena voajanahary*

#### a) Farihy

Miisa eo amin'ny sivy eo ireo farihy ao antin'ny kaomina Ambalavao, fa ireto efatra ireto no tena mamelona ny mponina amin'ny lafin'ny ara-jono sy fanaratoana trondro. Mamatsy ireo mpanao asa tanana koa amin'ny zozoro, erana ary ny harefo. Marihina fa zotram-pihariana manana ny anjara toerany mihitsy ao amin'ny kaomina Ambalavao ny asa-tanana.

| FARIHY | TOERANA | VELARANA (Ha) |
|---|---|---|
| ANDRANOFOTSY | Lohamandry | 1,20 |
| ANDRANOMANGA | Ambotsilaizina | 0,80 |
| ANOSIBE | Anosibe | 2,00 |
| ANDRANOMANDRY | Moratsiazo | 1,75 |

#### b) Vato sy fasika

Ao amin'ny fokontany Anosibe (Sisaony) no toerana tena hitobian'ny fasika ny kaomina Ambalavao ary io koa no trandrahana hatramin'izao ka mamoaka **185 000 m$^3$ isam-taona**.
Ny vato kosa ao amin'ny fokontany Ambalavao, Amboniandrefana, Manankasina, Ambohimamory ary Lohamandry. Mampidi-bola eo amin'ny **Ar 15 637 600 isam-taona** eo ho an'ny Kaominina ny fitrandrahana izany (moellons, gravillons, caillasses, pavés, macadame,…) raha toa ka mandoha sara ara-dalana ny mpitrandraka dia toy izany koa ny an'ny fasika izay eo amin'ny **Ar 41 250 000 isan-taona**. Nanomboka tamin'ny taona 1996 ny fitrandrahana azy ireo ka hatramin'izao.

#### c) Zava-maniry raokandro

Nanomboka ny taona 2002 dia nanjary nisy mpanangona zava-maniry fanao fanafody tonga aty amin'ny kaominina ka ny **vahona** (180gony/taona), ny **rambiazona** (145gony/taona) ary ny **talapetraka** (48gony/taona) no tena hananan'ny kaomina amin'izany, ankoatra ireo zana-kazo tena vokariny. Tamin'ny taona 2009 dia nisy mpandrahara nanao fanodinana rambiazina teo an-toerana.

Mamokatra zana-kazo fanodina maro koa ny mponina, ny be mpanao dia ny **ravintsara** (350 000 fotony/taona), ny **jatropha** (50 000 fotony/taona) ary **kininim-potsy** (8000fotony/taona).

# Fizarana II: TANTARA SY FIARAHA-MONINA

## 1. TANTARA NY KAOMININA

### *1.1. Ny nihavian'ny anarana « Ambalavao » = "vala vao"*

Tamin'ny andron'ny fanjanahantany fahiny, fony mbola tsy nisy trano niorina mihitsy teo fa toeram-pandalovan'ireo Betsileo hila-ravinahitra taty Iarivo fotsiny ihany teo. Tao Ampangabe no nanorenan'izy ireo trano voalohany hialofana raha tratra alina na tra-doza.
Taty aoriana kely vao nanorina tanana kely teo Ambalavao tsy lavitra an'Ampangabe izy ireo ka naharaikitra ny anarana hoe Ambalavao, izany hoe tanana vao na "vala vao", sady anaran-tananan'ireo Betsileo raha teo koa moa izany ka raikitra.

### *1.2. Ny fivoaran'ny toeran'Ambalavao*


Tamin'ny faha-mpanjaka dia fari-piadidiana iray ihany Ambalavao, Tsiafahy, Ambatofahavalo ary Ambohijoky. Fa rehefa nahatratra sahabo teo amin'ny 500 mahery kely teo ny mponina tao Ambalavao dia nitokana izy ireo, ka tao Ambohibary no renivohitry ny faritra tamin'izany. Izay nifindra tany Moratsiazo avy eo.
Taty amin'ny taona 1922, rehefa vaky ny lalana mampitohy an'Antsirabe sy Antananarivo vao nifindra teo Ambalavao ny renivohi-paritra.
Ny taona 1948 kosa dia lasa Canton i Ambalavao, izay nahitana tanana miisa 10.
Ny taona 1976 kosa vao niforona ny fokontany, izay nitombo ho 15 ankehitriny.

## 2. MPONINA

### *2.1. Antotan'isa ny mponina*

Ny akitroky ny mponina ao amin'ny kaomina Ambalavao ankehitriny dia azo lazaina fa mbola kely ihany satria **312 mponina/km²** na olana 3 isaky ny 10 000m² farafahabetsany ankehitriny.
Ny isan-jaza teraka fantatra kosa isan-taona dia **390 zazakely/taona**.
Ary ny salan'isa ireo olona maty ao anatin'ny kaomina dia **41 olona maty isan-taona**.
Ny isan'ireo tokatrano dia eo amin'ny **2 510 isa** ka eo amin'ny **Olona 5/Tokantrano** eo ny salan'isan'ny olona ao anatin'ny tokatrano iray, saika eo amin'ny telo eo izany ny salan'isan'ny zanaka isam-piankaviana. Marihina fa efa miha-mihena ny rohim-pihavanana amin'ny fiarahan'ny fianakaviana miray trano ankehitriny.

***FIRAFITRY NY MPONINAN'AMBALAVAO***





Loharano: CR Ambalavao – desambra 2016


| N° | FOKONTANY | 0-5 ans | | 6-10 ans | | 11-17 ans | | 18-60ans | | 60 et plus | | TOTAL |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | H | F | H | F | H | F | H | F | H | F | |
| 1 | AMBALAVAO | 130 | 130 | 80 | 70 | 85 | 72 | 131 | 140 | 16 | 20 | 874 |
| 2 | AMBOHIBARIKELY | 122 | 125 | 83 | 88 | 85 | 65 | 228 | 209 | 21 | 25 | 1 051 |
| 3 | AMBOHIBARY | 165 | 135 | 69 | 50 | 59 | 57 | 162 | 207 | 25 | 26 | 955 |
| 4 | AMBOHIDAHY | 171 | 155 | 58 | 65 | 64 | 60 | 135 | 172 | 26 | 24 | 930 |
| 5 | AMBOHIDAVENONA | 146 | 171 | 87 | 90 | 95 | 95 | 193 | 195 | 56 | 36 | 1 164 |
| 6 | AMBOHIMAMORY | 65 | 64 | 34 | 36 | 37 | 40 | 62 | 68 | 18 | 15 | 439 |
| 7 | AMBOTSILAIZINA | 125 | 115 | 52 | 79 | 53 | 86 | 141 | 118 | 26 | 18 | 813 |
| 8 | AMBONIANDREFANA | 75 | 68 | 43 | 48 | 48 | 55 | 105 | 91 | 7 | 20 | 560 |
| 9 | AMPANGABE | 185 | 158 | 79 | 76 | 87 | 84 | 192 | 171 | 58 | 75 | 1 165 |
| 10 | ANOSIBE | 107 | 122 | 58 | 53 | 65 | 67 | 115 | 118 | 41 | 26 | 772 |
| 11 | ANAMBOHO | 165 | 142 | 57 | 85 | 58 | 90 | 151 | 133 | 26 | 25 | 932 |
| 12 | LOHAMANDRY | 125 | 103 | 60 | 63 | 70 | 75 | 145 | 152 | 38 | 21 | 852 |
| 13 | MANANKASINA | 102 | 112 | 48 | 60 | 52 | 63 | 115 | 125 | 49 | 34 | 760 |
| 14 | MORATSIAZO | 175 | 152 | 57 | 85 | 64 | 86 | 140 | 133 | 33 | 29 | 954 |
| 15 | ZAFIIMBAZAHAKELY | 48 | 46 | 23 | 22 | 26 | 26 | 35 | 38 | 5 | 3 | 272 |
| | **TOTAL** | **1 906** | **1 798** | **888** | **970** | **948** | **1 021** | **2 050** | **2 070** | **445** | **397** | **12 493** |

<u>Loharano:</u> CR Ambalavao – desambra 2016

### *2.2. Fitsinjarana ara-poko sy arak'asa*

Ny 80% ny mponinan'ny kaomina Ambalavao dia mivelona amin'ny fambolena sy fiompiana fa manao vadin'asa maro kosa anefa izy ireo, arak'ireto antontan'isa eto ambany ankavanana ireto:




<u>Loharano:</u> CR Ambalavao – Desambra 2016

Ireto antotan'isa ireto dia hahitana taratra ny fifindran'ny olona monina sy ireo karazam-poko mifamevezivezy ao anivon'ny kaomina.

## 3. FIARAHA-MONINA

### *3.1. Finoana*

Amin'ny ankapobeany dia saika **kristiana** no maro an'isa ao amin'ny kaomina Ambalavao (99%) ankoatra ireo silamo sy hafa finoana. Ireo samy kristiana kosa anefa dia mitsinjara toy izao:




<u>Loharano:</u> CR Ambalavao – Desambra 2016

### *3.2. Fomba amam-panao ny fiaraha-monina*

| FOMBA | VANIM-POTOANA | FANAMARIHANA |
|---|---|---|
| **Famadian-drazana** | Jiona-oktobra | Efa mihamihena ny manao izany noho ny finoana sy ny olana ara-bola |
| **Famoran-jaza** | Aprily - aogositra | Mbola manatanteraka izany avokoa ny fiankaviana fa maro ireo hangalarina: tsy hanaovana fety lehibe intsony |
| **Atero ka alao** | Mandava taona | Endrika adidy sy fifanampiana eo amin'ny fiaraha-monina |
| **Ody avandra** | Janoary - may | Finoana ireo tantsaha ho fiarovana ny famboleny |
| **Fanasinana** | Septembra- oktobra | Ao Ambohibarikely sy Amboniandrefana no tena misongadina |

### *3.3. Fialam-boly sy fanatanjaha-tena*

#### *a) Fialam-boly*

sy ny famoran-jaza dia azo lazaina fa tsy dia ahitana fialam-boly firy ao an-toerana fa ny fijerena sari-mihetsika (**vidéo**) izay miisa ho roa ary ny **kianja filalaovam-baolina** no hita ao.

#### *b) Fanatanjaha-tena*

Misy eo amin'ny **20 ny klioba** ny lalao **baolina kitra** sy ny **basket ball** eto Ambalavao ka ny 15 amin'ireo dia ny klioba ho an'ny lehilahy ary ny 5 kosa dia ho an'ny vehivavy. Ireo ihany koa no sampan-dalao ara-panantanjahatena hita ao.

#### *c) Haino aman-jery*

Ny Radiom-pirenena RNM FM 93.3 ,Radio Don Bosco FM 96,ACEM Radio,Record FM,RTM ,RVM ,Kolo FM ,AZ Radio,VIVA FM ,SKYONE Radio no onjam-peo azo hainona tsara ao Ambalavao.

Ary ny Televiziona Malagasy kosa miaraka amin'ireo haino aman-jery tsy miankina 8 (JERY, LTV, MA TV, RECORDS, RTA, TN TV, TV Plus, VIVA) no azo jerena amin'ny fahitalavitra ao.


## 4. TRANO FONENANA

Amin'ny ankapobeany dia briky no handrafetan'ny olona trano amin'iny faritra iny. Ka hita ao ireo trano amin'ny endriny fahizay fa ao kosa anefa ireo trano manaraka tao-trano moderina. Eo Ambalavao Tampon-tanana aloha no efa mihamaro ireo trano manaraka tao-trano moderna, fa any amin'ireo fokontany hafa kosa dia mbola amin'ny endrika gasy tsara izay tena hankafizin'ireo mpitsidika vahiny.

# Fizarana III: SEHA-PAMOKARANA

## 1. ANGOVO FAMPIASA

Ny angovo fampiasa ny mponina rehetra isan'andro amin'ny fandrahon-tsakafo dia ny arina (25%) ary ny kitay (75%) fa ao kosa ireo manao fanampin'angovo toy izao:




///////

Loharano: CR Ambalavao – Desambra 2016

## 2. FAMBOLENA

### *2.1. Famokarana*

| SOKAJIM-BOLY | KARAZAM-BOLY | TAHA-PAMOKARANA (T/an) | VELARANY (Ha) | OLANA |
|---|---|---|---|---|
| Foto-tsakafo | Vary akotry | 3080 | 880 | Haom-bary, rano |
| Hanin-Kotrana | Katsaka<br>Mangahazo<br>Vomanga<br>Saonjo | 50<br>2 750<br>15<br>25 | 25<br>550<br>15<br>10 | Fano<br>Mandreraka tany<br>Tsatoka<br>Masom-boly |
| Legioma | Voatabia<br>Anana samihafa<br>Petit pois<br>Tsaramaso<br>Tsaramaso maintso | 10<br>7<br>100<br>75<br>50 | 4<br>5<br>40<br>30<br>10 | Bibikely sy aretina |
| Voankazo | Frezy<br>Mananasy | 15<br>200 | 5<br>15 | Bibikely sy aretina |
| Hafa | Voanjo<br>Soza<br>Fary | 6,5 T<br>3 T<br>3,5 T | 4<br>1,5<br>1,5 | Hala-botry |

Loharano: CR Ambalavao – Desambra 2016

### 2.2. *Fampiasana ny tany*

Misy eo amin'ny **400Ha** eo mbola azo trandrana tsara amin'ny fambolena ankehitriny ao amin'ny faritry ny Kaomina Ambalavao satria **2 540Ha** no velaran-tany rehetra azo volena manerana ny Kaomina ka ny 57% ny velaratany ny kaomina anefa no tany voavoly amin'io izany hoe **2 110Ha**. Valo **8** no isan'ireo barazy mpamatsy rano ny fambolena eo an-toerana. Izay ahitana lakan-drano mirefy 20km. Ka ny velaratany rehetra voatondrak'izany dia **350 Ha**.
Fa ny velaratany azo hajariana (Superficie aménageable) kosa anefa dia **160 Ha**. (<u>Loharano</u>: CIRAGRI)

### 2.3. *Karazana fitaovam-pamokarana*

Ny **angady** (5 070isa), **lahersa** (1 020isa), **sarcleuses** (1 600isa), **batteuse** (5isa), **pulvérisateur** (85isa) ary ny **fanondrahana** (2 730isa) no fitaovam-pamokarana mahazatra ny mponina ao.
Marihina fa mangetaheta fiofanana amin'ny teknika mpambolena vaovao tokoa ireo mpamboly maro, mba ho fanavaozana sy fanatsarana ny vokatrany.

### 2.4. *Olana eo amin'ny fambolena*

- Tsy ampy ny teknisianina ao an-toerana;
- Mbola misy ny tantsaha mampiasa ny fambolena nentim-paharazana;
- Fidangan'ny vidim-pitaovana ilaina amin'ny fambolena toy ny zezika, ny masomboly, ireo fanafody, any ka lasa tsy misy toeram-pamatsiana intsony eo an-toerana.
- Mihena ny hatsara sy ny habetsaky ny vokatra ary milatsaka miaraka aminy koa ny farim-piainan'ireo tantsaha;
- Faharatsian'ny làlana amin'ireo fokontany sasany (araka ny hita eny ambony) izay mampitohy ny renivohitry ny kaomina ka tsy tafavoaka ireo vokatra.

## 3. FIOMPIANA SY JONO

| FIOMPIANA | ISA | OLANA |
|---|---|---|
| Omby | 1 255 | Dintan'omby (fasciolose hepato-biliaire) |
| Kisoa | 1 615 | Lagaly- Fivalalanana- Empona |
| Ondry | 45 | |
| Osy | 30 | |
| Akoho amam-borona | 28 000 | Barika, Pesta- Tety |
| Trondro | 9.8 T/an | Mila fiofanana amin'ny fiompiana sy fitrandrahana |

<u>Loharano:</u> Véterinaire Ambalavao – Desambra 2016

### 3.1. *Olana eo amin'ny fiompiana*

Tsy fampian'ireo veterinera/teknisianina ny fiompiana ao an-toerana ka mila mamonjy any Antananarivo raha sahirana;

Fahalafosan'ny fanafody fitsaboana ireo biby;

Tsy fampian-tsakafo ny biby;

Mihena ny hatsara sy ny habetsaky ny vokatra ary milatsaka miaraka aminy koa ny farim-piainan'ireo tantsaha;

Faharatsian'ny làlana amin'ireo fokontany sasany izay mampitohy ny renivohitry ny kaominina ka tsy tafavoaka ireo akoho amam-borona;

Tsy ara-dalana ny sakafon'ny biby ary vitsy ny akora fampiasa misy eo an-teorana;

Tsy misy ny fanatsarana taranaka sy ny teknika fiompiana.

Efa tery ny faritra iraofan'ny biby fiompy

### *3.2. **Olana eo amin'ny jono***

- Tsy manara-penitra ny fiompiana trondro eo an-toerana (dobo, sakafo, fanavaozana ny zana-trondro...)
- Tsy manara-dalana ny fitrandrahana ireo farihin-trondro voajanahary *(vanim-potoana sy ny mason'arato…)*

## 4. FITRANDRAHANA ALA

### *4.1. Tombony*

Mirefy eo amin'ny **950 Ha** eo ny ala ao amin'ny kaomina Ambalavao, ka ny 6% io ihany no efa misy mitrandraka ara-dalana (**60Ha**), ny 6% io kosa ravan'ny doro-tanety sy ny fikapana ala tsy ara-dalàna (**60Ha**).
Ka mbola misy ambiny tsy voakasika eo amin'ny **830Ha**, (81% ny ala) eo izany ny kaomina mba ho fampandrosoany ny fizahataniny sy ho tahiriny amin'ny ala.
Vokatriny reboisement dia ny hazo sapin no tena mahazo vahana amin'ireo ala ireo.Ankehitriny dia efa mahazo vahana ny hazo Acacia izay haingam-paniry sy manamasaka tany, ary marihina fa tsy misy ala voaharo (forêt protégée) ao anatin'ny kaomina

### *4.2. **Olana***

- Mbola misy ihany ny doro-tanety.
- Fitrandrahana tsy am-piheverana ny ala.
- Miha-mitombo ny fikahon'ny riaka ny tanety ka lasa manototra ny tanimbary.
- Manova ny endiky ny tananana

## 5. FANODINAM-BOKATRA

Ny fanodinam-bokatra ao dia saika ny **asa-tanana** ihany. Misy ihany ireo manodim-bokatry ny fambolena saingy mbola vitsy dia vitsy: mpanodina voankazo ho zava-pisotro sy kaonfitira.
Marihina fa ireo asa fanodinana misy dia mbola "transformation primaire/artisanal" ihany.

| ASA FANODINANA | ISA | TOERANA | TANJONY | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|---|
| Rofia *atao* sary sy harona | 280 | Ampangabe | Aondrana any ivelany sy amidy eo an-toerana | Association SOANAVELA |
| Herana *atao* harona | 130 | Ampangabe | Aondrana any ivelany sy amidy eo an-toerana | Association ARTI-KANTO |
| Bararata *atao* kojakojam-pianarana | 35 | Moratsiazo | Amidy any Antananarivo | 6volana/12 no afaka mitrandraka ireo akoram-pamokarana. |
| Zozoro, erana, harefo *atao* tsihy | 150 | Ambalavao Anosibe | Amidy eo an-toerana | Hita eo an-toerana avokoa ireo akoram-pamokarana. |
| Voankazo *atao* zava-pisotro sy kaonfitira | 3 | Ambalavao Antamboho | Amidy eo an-toerana | Tokatrano vitsy no mbola manao ka mila fampiofana ireo mponina mba hivoatra. |
| Ronono *atao* yaourt | 4 | Ambalavao Ambihidave-nona | Amidy eo an-toerana | Tokatrano vitsy ihany no mbola manao ka mila fampiofana ireo olona |

*<u>Loharano:</u> CR Ambalavao – desambra 2010*

## 6. SEHATR'ASA-TANANA

Ny fandrariana rofia no tena hifantohan'ny maro ao amin'ny Kaomina Ambalavao noho izy lafo vidy kokoa ary betsaka mpandray.
Ahitana toeram-pivarotana roa manamorona iny lalana RN7 iny : ny iray eo Anosibe ary misy koa eo Ampangabe mba hisintomana ireo vahiny. Ny entana sasany kosa alefa any ivelany na hitadiavana mpandray any Antananarivo.
Ireto avy ireo asa Tanana hita ao amin'ny Kaomina Ambalavao:

| *AKORA* | *KARAZAM-BOKATRA* | *ISAM-BOKATRA* | *VENTY* | *ISA MPANAO ASA-TANANA* | *VOLA MIDITRA (Ar)* |
|---|---|---|---|---|---|
| ROFIA | Sary sy harona | 50 000 | isa | 280 | 118 800 000 |
| HERANA | Harona | 72 000 | isa | 130 | 273 600 000 |
| BARARATA | Buchettes scolaires | 15 000 | sachet | 35 | 17 000 000 |
| BARARATA | Bouliers scolaires | 5 000 | isa | 150 | 45 000 000 |
| ZOZORO, ERANA, HAREFO | Tsihy | 9 000 | isa | 70 | 16 800 000 |

<u>Loharano:</u> CR Ambalavao – desambra 2010

## 7. SEHA-PITATERANA

### *7.1.* Tombony

Tombony lehibe tokoa ho an'ny kaomina ny lalam-pirenenana faha 7 na eo amin'ny lafin'ny ara-tsoasialy izany na eo amin'ny lafin'ny ara-ekonomika.

Miteraka tsena sy fidiram-bola ho an'ny mponina amin'ny alalan'ny varotra atao manamorona azy.
Manampy ireo tantsaha sy ireo mpanao asa-tanana amin'ny famohana ny vokatra ho any ivelan'ny kaomina ihany koa ny RN7.
